
Gazety



# FANANTENANA

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY
Fitandremana Toby Fanantenana 67 ha
http://www.flm67ha.org

*Gazety ara-pilazantsara miseho isan-droa-volana*
*Laharana: 08 Volana Martsa / Aprily 2009 Vidiny: 500 Ar*

## TENIN-DRAIAMANDRENY

Tonga faingana eo aminao ity Gazety laharana 008 ity! Miverina amin'ny laoniny mantsy ny famoahana ny Gazety izao. Vaovao mahaliana maro ihany koa no entin'ny "Fanantenana" ho anao amin'ito. Ny volana Marsa manontolo dia hiatrika ny Làlan'ny hazo fijalian'ny Tompo isika, izay ampitondraina ny anarana: ***Làlam-pitiavana ho amin'ny PASKA FITIAVANA***. Nanomboka ny 25 Febroary, alarobian'ny lavenona, ny Karemy ary hanaraka ny Làlam-pitiavana isika mandritra ny fito herinandro mandrapaha-tongantsika eo amin'ny Paska. Hisy fotoam-pivavahana hataontsika isaky ny alarobia hariva, 06:00 – 07:15, hiarahantsika mandinika ny amin' ny fanarahana ny Tompo amin'ny fitiavana. Ireo taratasy ho an'ny fiangonana fito tany Asia Minora (Apk 2 – 3) no hatao ainga amin'ny fandinihana.

Efa vita ny boky kely momba ny LALAM-PITIA-VANA! Amporisihina isika samy hanana izany isan-tokantrano. Tsara manana isan'olona ny mpiasa mba ho vakìna eny an-dàlana na rehefa misy fotoana hialana sasatra kely. Ampiasao izany boky kely izany mba ho ivon'ny fiaraha-mivavaka ataonareo ao an-trano. Fanao tsara koa ny manao fifanakalozan-kevitra fohy aorian' ny famakiana ny teny. Enga anie ka hitondra aim-panahy velona sy miredareda ho an'ny Tompo ny fiaraha-mivavaka ataonareo amin'ity Karemy ity!


Miandrandra **PASKA FITIAVANA** isika! Dia Paska izay hampirehitra ny fitiavana ny Tompo ao amintsika tsirairay, dia fitiavana mandresy ny asa maty sy asa ratsy rehetra, ka hiseho amin'ny fi-ainantsika sy ny asantsika manontolo izany.

Hifaly koa isika amin'ny **FITSANGATSAN-GANANA** hatao amin'ny Alatsinain'ny Paska. Tsy ao am-piangonana ihany isika no afaka hifaly, fa tsara ho hitan'ny olona rehetra eny ivelany fa mifankatia sy afaka miara-mifaly eo anivon'ny zava-boaharin'Andriamanitra ny mino ao amin'ny Fanantenana 67ha ! Ento am-bavaka izany!

Isaorantsika ny Tompo ny fahalavorarian'ny fanokafana ny Jobilin'ny ray aman-dreny, tamin' ny 08 Febroary. Isaorana ny Komity namolavola ny programa sy ny tsangambato, dia ny Sekoly Fanantenana izany. Isaorana ireo rehetra efa namaritra tolotr'asa hataony ho enti-manangana izany tsangambato izany. Asaina isika rehetra samy handray anjara amin'izany tsangambato izany hanamarihantsika fa niara-niasa tamin'ny Tompo teto isika.

Ny irin'ny Gazety Fanantenana ho anao dia fiadanam-po amin'ny fiarahan-dàlana amin'ny Tompo ho amin'ny Paska Fitiavana!

# TSANGAM-BATO




*Ny Sekoly Fanantenana no atolotry ny raiamandreny Pastora Dr Péri Rasolondraibe mivadyamin'izao fankalazana taon-jobily faha-45 taona niasany teo anivon'ny Fiangonana Loterana Malagasy sy faha-40 taona nanaovana ordinasiona azy*

*Pejy5*

### NY FANAMBADIANA

*(Tohin'ny Gazety n° 05)*



*Pejy 7*

### NY MAHA LOTERANA

***Fanazavana mikasika ny raozin'i Lotera misy ireo soratra telo:***
***SOLA SCRIPTURA***
***SOLA GRATIA***
***SOLA FIDE***

SOLA SCRIPTURA - SOLA GRATIA - SOLA FIDE

*Pejy 3*

### ALAHADY 08 MARTSA 2009

*Andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy*
*Ny reny sy ny fitaizany ny zanaka vavy*

*(Pejy 4)*



### Ho hitanao ato

Fampianarana Soratra Masina................2
Toriteny...................................................3
Ny maha Loterana ................................3
FBL - DHM - DFS - MTL.........................4
DFM - FDL - Jobily ...............................5
Bokin'ny Korintiana I *(Farany)* ................6
Ny fanambadiana ..................................7
FMBM.....................................................7
Fahasalamana .......................................8
Sakafo ..................................................8
Kilalao ..................................................8
Tononkalo..............................................8

"Mifalia amin'ny Fanantenana"

# FAMPIANARANA MOMBA NY TAOM-PIANGONANA:
# Alahady VI alohan'ny Paska hatramin'ny Alahady II manaraka ny Paska.

***Famerenana kely**: Ny Epifania dia ibanjinan'ny fiangonana sy ankalazany ny voninahitr'i Kristy mitondra famonjena miditra eto amin'izao tontolo izao. Nisy alahady efatra nanaraka ny Epifania nankalazantsika izany tamin'ity taona ity. Loko litorjika FOTSY no nampiasaina hanehoana ny famirapiratan' izany voninahitra mamonjy izany. Nanaraka ny Epifania dia nisy ireo alahady telo tetezamita, dia ny alahady faha-9,8,7 alohan'ny Paska, izay nampita avy amin'ny fifaliana sy famirapiratan'ny Epifania ho amin'ny fahoriana sy fifadian'ny Karemy, manaraka ny làlan'ny hazo-fijalian'ny Tompo. Loko litorjika MAITSO no ampiasaina amin'izany hifanandrify indrindra amin'ny perikopan'ireo alahady ireo, izay mampivoitra ny amin'ny FANJAKAN'ANDRIAMANITRA.*

***Ireo alahady anatin'ny Karemy 2009**. Ny hoe **Karemy** dia avy amin'ny teny Latina (**Quadragesime**) midika hoe 40 andro. Tsarovan'ny Fiangonana amin'izany ny 40 andro nifadian'ny Tompo hanina sy nakan'ny devoly fanahy azy tany an'efitra ka nandreseny.*

**1. ALAHADY ENINA AO AMIN'NY KAREMY SY NY ALAKAMISY MASINA**

1.1. Alahady faha-VI alohan'ny Paska na alahadin'ny **"Invocavit"** (niantso izy, avy amin'ny introit *Sal 91:15a*).
Textes: *Gen 3:1-24; Apk 12:9-11; Mt 4:1-11; Lk 10:17-25*. Lavo voafitaky ny menarana ny olombelona, dia ilay dragona izay nazera tety ambonin'ny tany. Naka fanahy ny Zanak'Andriamanitra izy nefa resy; ary nandresy azy koa ny mpianatra izay nomen'ny Tompo fahefana hanitsaka ny herin'ny ratsy (menarana sy maingoka!)



1.2. Alahady faha-V alohan'ny Paska na Alahadin'ny **"Reminiscere"** (Tsarovy, avy amin'ny introit *Sal 25:6*)
Textes: *Isa 45:20-25; Apk 3:7-13; Mt 15:21-28; Mk 9:17-29*.
Eo anatrehan'izany fahavalo lozabe izany, dia mahatsiaro ny olony Andriamanitra ka miantso hoe : "Mijere Ahy , dia ho voavonjy ianareo, ry vazantany efatra". Mahazo toky koa ny fiangonana (Filadelfia) hoe "Izaho hiaro anao". Miseho amin'ny fiainan'izay rehetra manatona ny Tompo ny famonjena: toy ilay vehivavy Kananita sy ilay lehilahy nanana zanaka azon'ny demonia: "Vonjeo aho ho afaka amin'ny tsi-finoako!"

1.3. Alahady faha-IV alohan'ny Paska na Alahadin'ny **"Oculi"** (Maso, avy amin'ny introit Sal 25:15)
Textes: *IISam 22:1-7 ; Apk 2:8-11 ; Lk 11:14-28; Jn 8:31-44*.Tsy anarana ihany no maha- Mpamonjy ny Tompo fa mamonjy tokoa amin'ny fahavalon'ny mino rehetra Izy; manafaka ny fiangonana (Smyrna) amin'ny fampahorian'ny devoly; mamoaka ny demonia sy mandrava ny fanjakan'ny devoly, dia ilay mpamono olona sy rain'ny lainga.

1.4. Alahady faha-III alohan'ny Paska na Alahadin'ny **"Laetare"** (mifalia, avy amin'ny introit Isa 66:10)
Textes: Isa 49:8-13; Eks 16:11-18; Jn 6:1-15; Jn 6:52-65. Fihinanana ny voarara no nidiran'ny fahalavoana, fa fihinanana izay atolotry ny Tompo no ankalazana ny famonjena; fa "tsy ho noana na hangetaheta izy". Nomeny hanina tany an'efitra ny Israely ary novokisan'ny Tompo tamin'ny mofo 5 sy hazandrano 2 ny 5000 lahy. Ny tena fiainana anefa dia ny tena aman-dran'ny Kristy, araka ny teniny hoe: "Izay mihinana Ahy no ho velona amiko".

1.5. Alahady faha-II alohan'ny Paska na Alahadin'ny **"Judica"** (Tsarao, avy amin'y introit Sal 43:1-2), Antsoina koa ho Alahadin'ny **Annunciatio** na koa Alahadin'ny **Pasiona**.
Textes: *Gen 12:1-3; Apk 21:1-7; Lk 1:26-38; Lk 1:46-55*. Notanterahin'Andriamanitra ny teny fikasany tamin'i Abrahama : tonga nonina tamin'ny olona Andriamanitra, ka notoronto-ronin'ny Fanahy Masina tao amin'ny Maria. Niahy ny olony tokoa Andriamanitra fa tsaroany ny famindrampony. Izany no Passion'Andriamanitra indrindra dia ny hizara ny fiainany amin'ny olombelona ka handovany fiainana mandrakizay.

1.6. Alahadin'ny Sampandrofia na "Palmarum".
Textes: *Zak 9:9-10; Isa 53:10-12; Mt 21:1-9; Jn 12:20-33*. "Indro ny Mpanjakanao avy ho anao", mpanjaka malemy fanahy, nitondra ny fahotan'izao tontolo izao; nefa miantrana amin'ny hafasahiana ho any Jerosalema, toerana hamonoana Azy; fa "raha maty kosa [ny voa] dia hahavokatra be izy".

1.7. Alakamisy Masina
Textes: *Eks 12:3-14; Isa 2:44-47; Lk 22:14-20; Jn 13:1-15*.
Alohan'ny hanoloran'ny Tompo ny ainy sy hakany azy indray, dia tanterahiny ao amin'ny tenany ny hevi-dalin'ny Paska. Izy no zanak'ondrin'ny Paska mitondra fahafahana, ary izay mivelona amin'ny tena sy ny rany, dia mianatra fanetren-tena sy fitiavana: fifanasan-tongotra !

**2. PASKA**

2.1. Paska I. Textes: *Isa 52:13-15; Ef 1:15-23; Mk 16:1-7; Mt 28:1-8*. Efa nitsanagana Jesosy. Tsy ao ampasana intsony. Ambarao fa efa nisandratra ambonin'ny fahefana rehetra Izy.

2.2. Paska II. Textes: *Hos 13:14; IPet 1:17-23 ; Lk 24:13-35; Mt 28:9-15*. Tsy angano ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty fa efa tena resy tokoa ny fahafatesana; niseho tamin'ireo mpanaraka Azy nyTompo velona. Ny fiainan'ny mino amin'ny fifankatiavana tsara amin'ny fo koa dia vavolombelona fa velona ny Tompo.

**3. ALAHADY MANARAKA NY PASKA**

3.1. Alahady I manaraka ny Paska na Alahadin'ny **"Quasi modo Geniti"** (Toy ny zaza minono, avy amin'ny introit *I Pet 2:2a*).
Textes: *Job 19:25-27; Asa 13:26-39; Jn 20:19-31; Lk 24:36-43*. Fototra lehibe ijoroan'ny finoan'ny kristiana ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty. Ambaran'ireo apostoly fa maro ny olona nahita Azy velona sy niara-nandeha taminy. Tsy matoatoa na fahitana (mirage) izany fa olona velona nihinana hazandrano sy tantely teo anatrehan'ny mpianatra. Koa "aza ho isan'izay tsy mino fa minoa"; fa "ao aminy no anamarinana izay rehetra mino". Raiso ho anao ny finoan'i Joba hoe "Izaho no hahita Azy ary ny masoko no hijery".


3.2. Alahady II manaraka ny Paska na Alahadin'ny **"Misericordia Domini"** (famindrampon'ny Tompo, avy amin'ny *Sal 33:5b*).
Textes: *Ezek 34:11-16; Heb 13:20-21; Jn 10:11-16; Jn 10:1-10*. Antsoin'ny fiangonana ho alahadin'ny Mpiandry tsara koa ity alahady ity ary mifandray tsara amin'ny maha alahadin'ny famindrampon'ny Tompo azy izany. Ny Tompo miahy ny olony tahaka ny mpiandry tsara, ka manolora ny ainy hamonjena azy, mitondra ny "ran'ny fanekena mandrakizay" eo anatrehan'ny Ray, ary manome ny fiangonany fiainana mandrakizay.



## TORITENY: MATIO 27 : 62-66

*"Tsaroanay fa Iny mpamitaka iny fony Izy mbola velona ,dia nanao hoe : Raha afaka hateloana dia hitsangana…. Dia nalatsaka ny mpiambina , hiambina ny fasana, rehefa nasiany tombokase ny vato"*

**<u>LOHATENY</u>: NY TOMBOKASE**



Noho ny famindrampon'ny Tompo amin'ny Fiangonana dia hankalaza ny fetin'ny Paska isika afaka herinandro vitsy. Aoka hiomana amin'izany, kanefa marihana eto fa miaina ny fahaveloman'i Kristy mandrakizay ny kristiana hiasan'ny Teny sy tarihin'ny Fanahy Masina . Tsy fiangonana maty fa niditra tamin'ny fahafatesan'i Jesosy Kristy, ka niara- nandresy ny fahafatesana, tamin'ny fitsanganany. Ny kristiana rehetra, manana ny tombokasen'ny fanavotana, dia tsy hay tampenam-bava haminany sy hanambara ny marina: Jesosy Kristy tia izao tontolo izao, nanolotra ny ainy, hisolo heloka ny mpanota. Tian'i Jesosy ny hiaraka aminao ao amin'ny fanjakany amin'ny finoana velona noraisinao.

Hita eto amin'ny perikopa fa nandà an'i Jesosy ny fahefam-panjakana Romana sy ny lalàm-panorenan'ny fivavahana Jiosy. Mety hihevitra ve izy ireo sy izay maka saina aminy fa izay rehetra tompon'andraikitra ambony na eo amin'ny firenena na sehatra samy hafa dia tsy mpanota; koa dia ampianariny hankato ny lalàm-panorenana ny vahoaka: hanaiky ny mpitondra.

Raha voalevina ny Tompo, indro ny lohan'ny mpisorona sy ny fariseo, niampanga an'i Jesosy ny amin'ny lainga fa hitsangana afaka hateloana. Nivoaka ny didy fampiambenana ny fasana avy amin'ny fahefam-panjakana, niray tendro tamin'ny fahefan'ny lalàmpanorenan'ny fivavahana Jiosy. Nihevitra ny Jiosy fa ara-dalàna ny fampiharana lalàna tamin'i Tompo; tsy heloka ny namonoana an'i Jesosy toy ny fitoraham-bato izay azo olan-tanana nijangajanga.

Mila mivavaka isika kristiana, mpanompon'Andriamanitra amin'izao vanimpotoana misy antsika izao. Mpaminanin'Andriamanitra isika ho an'ny Firenena; irahin'i Kristy hitory ny filazantsaran'ny famonjena amin'ny olona rehetra: amin'izay miara-miaina, miara- miasa amintsika hanaovana ny asan'ny Tompo. Miambena! Fandrao tonga eo amin'ny sehatra maro hiaraha-miasa isika dia hipetraka fa izy ireny kosa no mijoro. Ndrao azontsika izay tandrify nefa ny fitiavani Kristy, ny fahamarinany izay nanamarinany antsika tsy fantany, tsy nanova ny fiainany. Ianao indray no manaraka ambokony azy tsy miteny ny marina, toy ny ao aminao Jesosy maty ka nasiana tombokase eo amin'ny varavaran'ny fonao.

Mijoroa ry hava-malala! Ilay efa maty fa velona indray no maniraka anao amin'ny fahefany: handrodana, hanjera, hanongotra, ary hitondra ny Filazantsara: hanorina sy hamboly handraisan'ny olona ny Famonjena. Enga anie Jesosy velona no ao aminao. Dia hino sy hanaiky ianao fa ny Fanahy Masina, Tombokasen'ny Fanavotana no hita aminao. Ho resy sy ho rava ny tombokasen'izao tontolo izao, mikendry ny hampangina ny fahamarinana. Manompo an'Andriamanitra velona ianao izay Jesosy no Tombokase: Làlana sy fahamarinana ary fiainana mankany amin'ny Ray. Mitsangàna, mandehàna, mitoria ny Filazantsaran'ny Famonjena: torio Jesosy velona. Koa mahereza, mahefà be anatin'ny fanetren-tena feno; mitondra ny tombokasen'ny Fanjakan'ny Lanitra: "*Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana Tombokase ho anareo ho amin'ny andro Fanavotana." (Efes)*

Ho an'Andriamanitra Ray Zanaka Ary Fanahy Masina irery anie ny Voninahitra mandrakizay; AMENA

*Pastora Andrianantoandro Léon Fidèle*

## MANKAFY SY MANDALA NY MAHA-LOTERANA

Ataoko fa samy efa nahita ity sarin'ny Rose de Luther ity isika rehetra miaraka amin'ireo soratra telo hoe: Sola Gratia, Sola Scriptura, Sola Fide. Famintinana ny fampianaram-pinoana Loterana izany.




Ny tian'ireo soratra ireo hambara dia izao: **SOLA GRATIA** na <u>Fahasoavana Irery ihany</u> no ahazoam-pamonjena <u>fa tsy ny **asa tsara** ataon'ny olona</u>. Izany no lazain'ny Paoly ao amin'ny *Ef 2: 8* manao hoe: *"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha"*.

Manaraka izany, **SOLA SCRIPTURA** na <u>Soratra Masina Irery ihany</u> no ahazoam-pamonjena <u>fa tsy ny **lovantsofina** na traditions</u>. Izany dia voalaza mazava ao amin'ny *II Tim 3:15-17* manao hoe: *"fa hatry ny fony vao zaza ianao dia efa nahalala ny Soratra Masina, izay mampahahendry anao ho amin'ny famonjena amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy"*.

Ary farany, **SOLA FIDE** na <u>Finoana Irery Ihany</u> no ahazoam-pamonjena <u>fa tsy ny fitandremana ny **Lalàna**</u>. Mazava izay lazain'ny Soratra Masina ny amin'izany, ao amin'ny *Gal 2: 16-17* hoe: *"nony fantatsika fa tsy hamarinina amin'ny asan'ny lalàna ny olona, fa amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy, dia nino an'i Kristy Jesosy koa isika mba hohamarinina amin'ny finoana an'i Kristy, fa tsy amin'ny asan'ny lalàna, satria tsy misy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna"*.

Ireo **SOLA** telo ireo ihany no symbole nampianarin'ny Lotera sy ireo teolojiana loterana maro nifandimby ary ampiarin'ny Fiangonana Loterana manerana izao tontolo izao. Tsy misy hafa ahazoam-pamonjena ankoatr'ireo telo ireo: **Fahasoavana, Soratra Masina, Finoana**; noho izany tsy misy SOLA hafa azo eritreretina na anampiana ireo. Tsy fantatry ny fiangonana loterana marina ny fampianarana izay manampy ireo SOLA ireo, toy ny Batisan'ny Fanahy Masina irery ihany, Lalampanorenana irery ihany, Litorjia irery ihany, Fifohazana irery ihany sy ny hafa koa.

Amin'ny fiangonana loterana mandala sy mankafy ny fampianaran'i Lotera dia toy izao no laharam-pahefana amin'ny teksta na soratra iankinan'ny finoan'ny fiangonana: <u>Voalohany dia ny Soratra Masina</u>, izay **norma normans** na fitsipika mifehy ny finoana sy ny fiainan'ny fiangonana manontolo. <u>Faharoa dia ny fanekem-pinoana</u>, izay **norma normata** na fitsipika voafehin'ny Soratra Masina, satria famintinana ny votoatin'ny Soratra Masina. <u>Fahatelo dia ny Lalàm-piangonana</u> sy ny fitsipika manankery ao aminy, izay fehezin'ny Soratra Masina sy ny fanekem-pinoan'ny fiangonana ka tsarainy sy ahitsiny, satria avy amin'ny fisainan'olombelona ihany. Izay rehetra ao amin'ny Lalàn'ny fiangonana, ny Fitsipika sy ny Liorjiany, ka tsy mifanaraka, na mifanohitra mihitsy amin'ny Soratra Msina sy ny Fanekem-pinoan'ny fiangonana dia tsy azo arahina, fa tsy maintsy ahitsy avy hatrany. Ny tsi-fanaovana izany dia mamelatra fandrika amin'ny kristiana hahavoa azy.

## FBL

### NY RENY SY NY FANABEAZANY NY ZANANY VAVY

*(Lahatsoratra atao ho fanamarihana ny 8 Marsa, andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy)*

Izay atolotra eto dia fanombohan-dinika ihany ho fankasitrahana ny ezaka ataon'ny reny rehetra amin'ny fanabeazany ny ankohonany. Ny kendrena dia tsy ny hampianatra ny reny ny amin'izay hataony fa ny hampivoitra kosa ny hasarotry ny andraikitry ny reny manoloana ny fanabeazana ny zanaka vavy; fa samy hafa be ny fanabeazana ny zanaka lahy sy ny zanaka vavy. Ny hatolotra amin'ity tapany voalohany ity ary, dia fisavasavana ny ravina manodidina ny fanabeazana zazavavy eto amintsika mba hahazoana miresadresaka fanabeazana tandrify amin'ny tapany faharoa.

Ndeha aloha ho resahina ireo vesatra zary sakana apetraky ny fomba fisainana sy kolotsaina nolovantsikia eo amin'ny fiainan'ny zanatsika vavy. Raha mbola kely ny zazavavy dia efa mitarana azy sahady ny fijerena vilana ny vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina malagasy. Ohatra, maro ny olona faly raha tera-dahy, fa eo ho eo ihany raha terabavy. Amin'ny ankohonana maro dia mahazo tombony kokoa ny zazalahy noho ny zazavavy ao an-trano, ohatra, amin'ny fanomezana amin'ny andro fety, ny fitafiana vidina ho azy, eny fa na dia ny sakafo omena azy aza. Manginy fotsiny ny asa an-trano: sady mampirin-trano ny zazavavy, no manasa lamba, manampy amin'ny fikarakarana sakafo, mampirina latabatra na fandambanana ary manasa lovia rehefa avy misakafo ny rehetra.

Toa mandeaha ho azy izany amin'ny fianakaviana maro, satria heverina ho fanazarana ny zazavavy ho amin'ny fanambadiana izany rehetra izany. Ankoatr'izany dia fefena amin'ny fadifady maro ny zazavavy mba ho vonona tsara ho amin'ny tokantrano. Heverina mantsy fa raha ny tokantrano no tsy manjary dia ny vehivavy no atony. Mbola misy ny fiaraha-monina misaina fa raha tsy miteraka ny mpivady na raha tsy miteraka lahy izy ireo dia ny vehivavy no anton'izany. Itarafana avy hatrany ny fanabeazana nataon'ny reny izany kiana izany ka ilazana fa tsy nahatandrina ny fadifady momba ny maha-marefo ny vatan'ny vehivavy ny reny. Rarana arak'izany tsy hihetsika mafy ny zazavavy na ihanika hazo na hanao bisikleta; fa ny asa mafy kosa tsy ferana, toy ny mitaon-jezika, manetsa, miava-vary, mitaona rano, maka kitay, sns. Hatramin' ny fahakeliny dia fidifidina ny sakafo omena azy ka ny sakafo be otrikaina mampantanjaka toy ny atody, ronono, voankazo, sns, dia tsy omena azy.

Soa ihany fa efa mba manomboka mivahavaha ihany ny fomba fijery toy izany amin'ny fiarahamonina maro ankehitriny. Mba efa samy miezaka hampianatra ny zanaka vavy ny ankohonana maro. Mitovy ve anefa ny fahafaha-mianatra omena ny zanaka lahy sy ny vavy? Raha jerena ireo asa antrano samihafa ampanaovina ny vavy, fotoana toy inona no hanaovany ny fianarany (entimody sy famerenan-desona) any an-trano? Mbola hita ihany amin'ny ankohonana sasany fa moramora kokoa ny mampijanona zazavavy amin'ny fianarana noho ny mampijanona zazalahy. Ary raha samy te-hijanona tsy hanohy fianarana intsony ny zanaka lahy sy vavy, dia mafy kokoa ny tena atao amin'ny lahy mba hiverenany hianatra noho ny atao amin'ny vavy. Fa nahoana ary? Mbola misy mihevitra ve fa tsy dia natao ho an'ny zazavavy ny mampiasa saina fa ny mampiasa vatana ihany sy mandray baiko?

Hita sy voaporofo na eto amintsika na amin'ny firenena hafa any ivelany fa tena marani-tsaina ny zazavavy ka afaka hiezaka sy hahavita tsara amin' ny fianarana sy ny fikarohana, na literera na siantifika na matematika. Tahaka ny lahy koa, dia afaka mampiasa ny ati-doha ankavanana sy ankavia ny vehivavy ka manana ny ilaina amin'ny fitarihana (leadership). Ny firehan-tsain'ny vehivavy izay afaka mihevitra sy misahana zavatra maroloha amin'ny fotoana iray dia ahombiazany bebe kokoa eo amin'ny fiainan'ny fanotontoloana ankehitriny, raha miohatra amin'ny lehilahy izay zavatra iray loha isam-potoana no imasoany.

Mety mampanahy antsika reny angamba, fa rehefa miroso lavitra amin'ny fianarana tokoa ny zanaka vavy dia toa tsikaritrao fa "mitomban-dahy" izy. Tsy hoe manao fiihetsika sarin-dahy ny zanakao fa ny fomba fisainany sy ny firesany dia sahy sy maranitra ary voarafitra handresy lahatra, ka toa tsy tazanao loatra intsony ilay toetra malefadefaka mahavehivavy mahazatra anao. Tsy hoe mitomban-dahy izy, tsy ho tiany ny hiheveranao azy ho toy izany. Mivonona ho vehivavy miasa mahavelona ny tenany tsy miankina amin'ny lehilahy izy. Ny famaritana ny vehivavy mantsy, tany aloha, dia izao: kely izy miankina amin'ny rainy, lehibe izy miankina amin'ny vadiny na amin'ny anadahiny, antitra izy miankina amin'ny zanany lahy. Ny tanora vehivavy ankehitriny dia te-hitondra ny tenany fa tsy hiankina amin'ny hafa, ary maro no mahavita tsara izany!

Maro ny ravina tsy mbola voasavasava, kanefa mety ho ampy angamba ireo hijerentsika amin'ny tapany faharoa ny fanabeazana tandrify ny zanatsika vavy. Hitohy amin'ny manaraka…

*Ramatoa RASOLONDRAIBE Ernestine*
*Filohan'ny FBL "Mijoro"*

## DHM

INiavaka tokoa ny "concert de noel" iza nokarakarain'ny Departemanta ny Hira sy Mozika tamin'ny 20 Desambra 2008 lasateo . Ny Antokompihira rehetra teto amin'ny Fitandremana Toby Fanantenana 67 Ha ihany ny mpandray anjara fa novana endrika ny fampisehoana fa tsy mitovy amin' ny fanao isan-taona.

Nisy fizarana telo ny fampisehoana ka tamin'ny fizarana voalohany dia samy nandray anjara hira roa avy isaky ny Antokompihira. Tamin' ny fizarana faharoa kosa dia nisy ny fitambaran'ireo antokompihira ka nozaraina ho groupe roa dia groupe A ( KTLM, FDL, F5, F7, F13) sy groupe B (Maintilolaly, Vovovokomanga, F8, F6, F3) ka nasaina nanao hira roa isaky ny "groupe". Hira itambarana kosa no natao tamin'ny fizarana fahatelo izay famaranana izany. Hafakely tokoa araka izany iny "concert de noël" iny ka tsikaritra tamin' izany ny fahavitsin'ny mpijery na dia nanao ezaka mafy aza ny DHM teo amin'ny fanentanana



Koa manentana antsika ary ny DHM na ireo antokompihira rehefa hanao Antsam-panahy na Concert mba hanotrona azy ireo satria ireo no hery velona ho an'ny fiangonantsika no sady hahazoantsika ny aim-panahy sy fahafinaretana

## DFS

Raha tsiahivina kely, ny Departemanta ny Firaketana sy ny Serasera na DFS dia miandraikitra izay rehetra momba ny fifandraisana eto amin'ny Fiangonana toy ny Gazety Fanantenana, ny tranokalan'ny Fiangonana: www.flm67ha.org, izay manampy ny kristiana amin'ny fanarahana ny fiainan'ny Fiangonana sy ireo hetsika maro tanterahin' ny Sampana sy ny Departemanta ary ny faritra, tsy hadino ireo vaovao ivelany samihafa. Ankoatr'izany dia mitahiry ireo raki-peo misy ireo fampianarana sy torin-teny entin'ireo raiamandreny eto ampiangonana, ireo raki-tsary maro ny DFS.

Tsara ny mahafantatra fa ny kristiana rehetra eto amin'ny Fiangonana dia afaka manatevin-daharana ny DFS avokoa, koa manasa anao ary izahay ho isan'ny namanay.

## MAINTIMOLALY

Ny Alahady 18 Desambra 2008 tamin'ny fidirana faharoa no famaranana ny fankalazana ny faha 5 taona ny antoko-mpihira maintimolaly, fanompoampivavahana ho fisaorana an'Andriamanitra sy fiderana Azy no natao tamin'izany, ny mpitondra Fitandremana Pastora Dr Péri Rasolondraibe no nanao ny Alitara sy Toriteny.

Tamin'io fotoana io no nanaovan'ny Filohan'ny Maintimolaly Atoa Randriatiana Michel ny tantaran' ity antokom-pihira ity sy ny lalana nodiaviny. Rehefa izany dia natolotra ireo tsangambato ho fanamarihana izany tsingerintaona faha 5 izany: dia ny Robe Pastoral 2 miaraka amin'ny zioga 8 sy ny Tableau perikopa 4 izay mitentina 800 000 ariary. Rehefa vita moa ny fotoam-pivavahana tao Toby Fanantenana 67ha dia nisy ny fiaraha nisakafo izay natao teny amin'ny ANS Ampefiloha, ka nanasana ireo Kristiana Havana sy ireo mpanohana ity antokompihira ity.




Vita izay ny 5 taona; Misaotra an'i Jesosy tamin'ny nitantanany ity Antoko-mpihira Maintimolaly ary mangataka azy hatrany hitantana anay hiatrika ny 5 taona manaraka sy ny taona maro mitsingeringerina , misaotra koa antsika rehetra mpianakavin'ny Finoana tamin'ireo fifanomezan-tànana nataonareo miatrika ireo fanopoana masina napetrakareo tamin'ity antoko-mpihira ity mba ho voninahitr' Andriamanitra.

Herin-taona sahady izao no nahatafatoetra sy nampiroborobo ny Depertemantan'ny Firaketana sy ny Serasera teto amin'ny Fiangonana Loterana Malagasy Toby Fanantenana 67 ha .

Roa sosona noho izany ny fankalazana ny 17 Janoary 2009 lasa teo ho an'ny departemanta satria ankoatry ny fahatsiarovana izany faha heri-taonany izany dia nankalazana ny taom-baovao 2009 izy.

Fotoam-pivavahana no nanombohana ny fotoana, ny Raiamandreny Leon Fidel ANDRIANATOANDRO no nitondra ny tenin'Andriamanitra nampahery ireo mpikambana hazoto sy haharitra amin'ny asa fanompoana.

Notohizana tamin'ny fiarahana miala hetaheta ny korana. Tsapa ary hita taratra eo amin'ny mpikambana ny fifankatiavana sy ny firaisankiana. Nofaranana tamin'ny fandaminandraharaha izany fihaonana izany.

## DFM

*FANAMPIANA IREO FONJA 3:*
*Antanimora, Tsiafahy, Arivonimamo*

Misaotra an'Andriamanitra lehibe fa tontosa ny fankalazana ny krismasy manerana ireo fonja telo iandraiketan'ny Fiangonana FLM Toby Fanantenana 67 ha.
Omena fisaorana mitafotafo koa ny kristiana manontolo tamin'ny fifanomezan-tànana ho fanohanana ireo asa sosialy natao manerana ny fonja. Anisa'izany ny fanangonana rakitra ho fanampiana ny fanamboarana ny Chapelle fonja vehivavy izay natao tamin'ny 06 Desambra 2008;nahatratra 497 200 ar ny vola voahangona tamin'ny fiangonana nandritra fidirana telo sy tao amin'ny toby 238. Ny tafo no anjaran'ny Fiangonana tamin'izany. Koa tsara ny manamarika fa tratra ny tanjona ary mbola nisy ambiny aza ny vola .
Nisy koa ny malala-tànana iray izay niantoka ny fividianana ny bois carré sy ny bois rond hametahana ny plafond.




Ny 30 Desambra 2008 no nanatanterahana ny fandrahoana ny sakafo ho an'ireo voafonja 561 teny amin'ny fonjaben'ny Tsiafahy ireo mpikambana 15 tao amin'ny rantsana , ho fankalazana ny krisimasy teny an-toerana; Vary 200Kg, hena 50Kg, tsaramaso 50kg. Tsara marihina fa ny ambin'ny vola nividianana tafo 14 niampy ny avy amin'ny kristiana malala-tànana no novidianana ireo sakafo ireo,
Ny 03 Janoary 2009 no namarana ny krismasy tao amin'ny fonjan'Antanimora vehivavy sy ny fonjan' Arivonimamo izay misy voafonja 188
Izany rehetra izany dia nofaranana tamin'ny fizarana vatomamy izay avy amin'ny fiangonana.

## FDL

*«ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy;» (Efes. 4:13)*

Vita soa aman-tsara ny jobily faha-25 taonan'ny sampana fikambanan-dehilahy teto anivon'ny Fitandremana Toby Fanantenana 67 ha izay notarihan'ny raiamandreny Pastora Péri Rasolondraibe sy ireo komitin'ny Jobily. Tamin'izany no nanolorany ny tsangambato ny jobily dia ny chapiteau 3 ho fanomezana ho an'ny fiangonana hampiasaina eo amin'ny fizarana karam-pandraisana sy hanaovana vokatra. Izany jobily izany moa dia nofaranana tamin' ny fiaraha-misakafo. Manamarika ny FDL eto ho antsika lehilahy rehetra mba samy hiditra ao anatin' izany ho lelihaly lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy.



## JOBILIN'NY RAIAMANDRENY

### Pastora Dr Péri RASOLONDRAIBE mivady

*"Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy,… mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo… ho amin'ny fahazarany mahagaga" (I Pet 2:9)*

Tontosa soa aman-tsara ny 08 Febroary 2009 lasa teo ny fanokafana ny Jobily faha 45 taona niasan'i Pastora Dr Péri RASOLONDRAIBE mivady teo amin' ny sahan'ny Fiangonana Loterana Malagasy sy faha 40 taona nanaovana ny Ordinasionany izay notanterahina teto amin'ny Fitandremana Toby Fanantenana 67 Ha.




*Ny raiamandreny Dr Péri Rasolondraibe mivady*

Fotoam-pivavahana lehibe no nentina manamarika izany fotoan-dehibe izany izay notarihan'ny Komitin'ny Jobily ka nanasana olona marobe.
Fidirana tokana ihany no natao fa tsy fidirana telo toy ny mahazatra mba hisian'ny firaisam-po sy fiombonana Masina ary fiaraha mankalaza an' Andriamanitra noho ny taon-jobily.
Ny Pastora SAMOELA Georges tonian'ny FLM no nitondra ny alitara sy ny tenin'Andriamanitra ka ny teny faneva no notorina tamin'izany, ary izy ihany koa no nanokatra amin'ny fomba ofisialy ny Jobily izay tsiahivina fa tsy hifarana raha tsy ny 08 Novambra 2009.
Feno himpoka tanteraka ny Fiangonana na ny tao anatiny izany na taty ivelany izay nasiana lapalapa; na ny kristiana teto an-toerana na ny vahiny izay nasaina dia samy naneho ny fandraisana anjara avokoa tamin'ny fanotronana ny fanokafana ny toan-jobily.
Ny Antokom-pihira rehetra eto amin'ny FLM Toby Fanantenana no nanafana fotoana: nihira tamin'ny fidirana "Prélude" sy nandritra ny rakitra ary tamin'ny famaranana "Postlude", izany no natao dia mba hilazana ny hatsaran'ilay niantso dia Jesosy Kristy.
Rehefa fotoan-jobily sahala amin'izao dia misy ny fandraisana fitenena ka tonian'ny fiangonana Toby Fanantenana 67 ha Atoa Ranaivoson John Alain no nanokatra izany tamin'ny alalan'ny fitantarana fohy ny tantaran'izay mivady. Nofintinina ihany moa izany tantara izany fa amin'ny ivon'ny Jobily no tena ho lazaina eto antsipiriany. Raha fintinina izany dia nozaraina 3 lehibe ny tantaran'izy mivady hoy ny filazan'ny mpitantara ka toy izao izany fizarana izany : Pastora Dr Péri Rasolondraibe mivady sy ny fampianarana, ny asa pastoraly, ary ny asa misiona.
Ny filoha lefitry ny fiangonana Atoa Lahiniriko Jean no nandray fitenenana mikasika ny fisaorana an' Andriamanitra tamin'izao fanokafana ny taon-jobily izao, ary fisaorana ihany koa ho an'ny Pastora Dr Péri Rasolondraibe mivady noho ny fanolorantena ataony ka marihina amin'izany ny fanolorana ny tsangam-bato ho an'ny fiangonana dia ny "Sekoly Fanantenana" izany.
Ny filohan'ny komitin-jobily Atoa Andriamampionona Rafaralahy Samuel no nanolotra ny fizotran'ny fankalazana mandritra ity taona ity ka nozarainy telo lehibe izany dia ny fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra, sy ny fety fifaliana, ary ny fametrahana ny tsangam-bato.



*Ny Komitin'ny Jobily*

Mikasika ny fametrahana ny tsangam-bato dia nanambara ny filohan'ny komitin'ny jobily fa hiarahientana isika rehetra hanantanteraka izany fankalazana izany amin'ny alalan'ireo Sampana, Departemanta, Faritra na isika kristiana tsirairay avy. Isaorana mialoha eto ny Antokompihira Maintimolaly izay nanomboka izany tamin'ny alalan'ny vokatra, ary isika kristiana rehetra tamin'ny alalan'ny valopy sy ny fandraisana anjara tamin'ny programa. Santatra ambavarano ihany anefa ireny fa hanomboka izao isika no tena handray anjara betsaka ka efa hisy kahie hatokana amin'ny anjara biriky hataontsika ka ao amin'ny mpitahiry volan'ny jobily dia Rtoa Raherivelo Roseline no anaterantsika izany; ary homena miandalana eo ihany ny programa hanatanterahantsika ny lamin'asa hatao.
Nandray fitenenana koa ny Tonian'ny FLM mikasika ny maha-zavadehibe izao jobily izao ka tsy ho an'ny fitandremana ihany fa ho an'ny FLM iray manontolo. Ny tompon-jobily no namarana ny fandraisampitenenana ka nialoha ny handraisan'izy mivady ny fitenenana dia nihaino ny hira izay nitsenan'ireo Kristiana azy ireo tany Amerika tamin'ny fotoana fialan-tsasatry ny Noely 2008 vao niroso tamin'ny fandraisana fitenenana.



Marihina fa ny tsangambaton'izao Jobily izao dia fanorenana Sekoly izay atao hoe SEKOLY FANANTENANA, ka ny vola rehetra azo amin'ny Jobily dia entina hanorenana izany Sekoly izany.

## Ny Epistily voalohany nosoratan'i Paoly ho an'ny Korintiana *(Fizarana farany)*

**MOMBA NY FANOMPOAM-PIVAVAHANA KRISTIANA, NY LEHILAHY SY VEHIVAVY.**

Rehefa ao am-piangonana ny lehilahy tsy misaron-doha fa ny vehivavy ihany no misaron-doha na mivavaka na mitori-teny. Ny antony nanaovana izany dia satria ny andevo sy ny vehivavy janga no miseho tsy misaron-doha ka tsy tian'i Paoly hanahaka izany ny fiainan'ny kristiana ka izany no nahatonga azy hampanao izany sady heverina ho mariky ny fahamaotinana izany no tsy manala-baraka ny vehivavy kristiana, ary ny lehilahy dia tokony hanao izay mahamendrika azy tsy hanao volo lava na hisaron-doha.

**NY AMIN'NY FANASAN'NY TOMPO** *(IKor11:17-34)*.

Ny Fiangonana tao Korintho dia nanaraka fomba roa rehefa ao am-piangonana ka nisy ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo avy eo dia misy ny atao hoe: agape. Izany hoe samy mitondra sakafo ny kristiana tsirairay araka izay ananany ka rehefa vita ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia iaraha-mihinana izay sakafo eo; tsy misy izay fanavahana na mahantra sy mpanakarena fa tena miombom-pifaliana ny rehetra. Fa taty aoriana dia teraka ny fitsitoko-tokoana noho ny fisian'ny mpitori-teny samihafa ka nifampiandany ny kristiana. Noho ny fisian'izany fitsitokotokoana izany dia tsy tanteraka intsony ny firaisana fa samy nihinana ny azy ny tsirairay, ka ny sasany voky ny sasany noana, ary nisy tsy nihinana mihitsy satria tsy nanana. Izany indrindra no ahitsin' i Paoly ka ilazany fa fanahy tsy mendrika izany. Koa samia mandini-tena fa ny Fanasan'ny Tompo dia fanoloran'i Jesosy ny tenany sy ràny, ary masina izany satria ny Tompo no miara-misakafo amin'izay mpandray ny Fanasan'ny Tompo. Mariky ny fiombonana izany fanasan'ny Tompo izany.



Noho izany dia samia mandinin-tena fa zava-masina ny fandraisana ny tena aman-dran'i Jesosy ary mitondra famelan-keloka raha toa ka mandinin-tena marina ny mpandray fa raha tsy izany dia mety mandray fanamelohana izy. Koa tsarovy fa ny mino dia ratsam-batan'i Kristy ary miombona aina amin'i Kristy izy amin'ny Fanasan'ny Tompo. Koa na dia maro aza ny mpandray ny fanasan'ny Tompo dia tena iray ihany ao amin'i Kristy. Koa raha misy ny fanahin'ny fanavakavahana na fifampiandaniana dia tsy ankasitrahan'Andriamanitra izany, koa samia mandini-tena hoy i Paoly.

**NY AMIN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA:** *IKOR12-14*.

Nisy fanomezam-pahasoavana samihafa tao amin'ny Fiangonana tao Korinto, ka araka ny hevitry ny kristiana dia misy filaharany izany fanomezam-pahasoavana izany ka misy ambony , misy ambany, misy antonontoniny ary misy ny tena ambany. Ahitsin'i Paoly izany fiheverana izany fa na dia maro aza ny fanomezam-pahasoavana dia tsy hita loatra ny fiavahan'ny voninahitry ny tsirairay satria iray ihany ny fototra ihavian'izy rehetra dia ny Tompo Andriamanitra *(IKor 12:5)*, hery tokana ihany no miasa ao aminy dia ny Fanahy Masin' Andriamanitra *(IKor 12:3,4,6-11)*, ary iray ihany no kendreny dia ny hahasoa sy hampandroso ny fiangonana, izay tenan'i Kristy. Toy ny rantsam-batana samihafa amin'ny tenan'ny olona ny fanomezam-pahasoavana ka na dia samy manana ny anjara asany avy aza dia zavatra tokana ihany no kendrena dia ny hamelona ny vata-tena, nohop izany samy ilaina izy rehetra ary tsy misy azo tsinotsiniavina *(IKor12:12-30)*.

Na izany aza anefa araka ny *IKor 12:31-13:13* dia ny fitiavana no ambony indrindra satria izy no fototr'izy rehetra sady mahatanteraka azy, ary ny fitiavana maharitra mandrakizay tsy holevona, ary ny faminaniana raha ampitahaina amin'ny fiteny tsy fantatra *(IKor 14)* dia manana ny lanjany mankana ny faminaniana satria mampandroso ny fiangonana izy *(IKor 14:5)*.

**NY AMIN'NY FITSANGANAN'NY TENA AMIN'NY MATY** *(IKOR 15)*.

Misy kristiana ao Korinto milaza fa tsy misy ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ka dia manao fampianaram-pinoana fohifohy i Paoly ny amin'izany. Asehony ary fa Kristy maty, nalevina ary nitsangana tamin'ny maty, Izy no santatra hoan'izay rehetra nodimandry, koa ny fitsanganan'i Kristy no santarty ny fitsanganan'izay rehetra nodimandry. Raha tsy hatsangana ny maty, dia tsy mba natsangana koa Kristy *(IKor15:13,15,16,20-22)*, ary foana ny toriteny sy ny finoana Kristiana. Araka izany ary dia azo antoka fa misy ny fitsanganan'ny maty ary nambaran'i Paoly fa ity mety lo ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahalovana, ary ity mety maty ity dia hitafy ny tsy fahafatesana, ary tsy hafa fa Kristy irery ihany no fototr'izany rehetra izany *(IKor15:57)*.

**NY AMIN'NY FAMORIAM-BOLA HO AN'NY MALAHELO ANY JEROSALEMA SY TENY FANAOVAM-BELOMA**
*(IKOR16)*

Mila vola ny olona masina any Jerosalema ka asain'i Paoly hanao famoriam-bola hoan'ireo ny kristiana any Korinto mba ho fiaraha-mientana sy fiombonam-po amin'izireo. Fanomezana masina izany satria atolotra hoan'ny olon' Andriamanitra dia ireo Kristiana ao Jerosalema, ary eo dia mametra-beloma hoan'ny Kristiana ao Korinto i Paoly.

*Pastora Raharimanana Eugène*

**GAZETY FANANTENANA**

**Talen'ny Gazety :** Past Dr Péri Rasolondraibe
**Tonian'ny Gazety :** Atoa Ramanankatsoina Lucas
**Mpanao gazety :** Tsiry-Laingo-Mamy-Rinah-Léa-Harimalala-Haja-Vololona-Oelifara-Samy-Denise-R. Georges-Prisca
**Maquette :** Christophe

**FLM Toby Fanantenana 67 ha**
E-mail : tobyfanantenana@flm67ha.org
Site Web: www.flm67ha.org
Tél: 261 20 22 324 45
B.P: 72 Antananarivo 101

## NY LALÀNA MIFEHY

***Ny fanambadiana ara-pomban-drazana***

Ankoatry ny fisoratam-panambadiana atao eo amin'ny Firaisana, dia nasongadin'ity lalàna vaovao ity koa ny fanamorana ny firosoana amin'ny fanambadiana ara-dalàna amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fanambadiana ara-pomban-drazana. Mbola maro mantsy ireo tanàna izay lavitry ny biraom-panjakana toy ny Firaisana ka manjaka ny fanambadiana tsy ara-dalàna, noho izany dia lazain'ny lalàna fa azo atao ny manao fanambadiana araka ny fomba amam-panao nentim-mpaharazana ka antsoina manatrika izany ny sefom-pokotany. Izy no mampahatsiahy amin'ireo izay hiroso amin'ny fanambadiana fa voarara sy faizin'ny lalàna ny fampirafesana.

Rehefa vita ny fombafomba rehetra dia manao fitanana an-tsoratra ny zavatra nitranga ny sefom-pokotany ka voarakitra ao ireto:



- Vaninandro anaovana ny raharaha;
- Anarana, fanampin'anarana, vaninandro sy toerana nahaterahana, rohim-pihavanana sy fonenan'ny mpivady;
- Anarana; fanampin'anarana, taonasy fonenan'ireo vavolombelona;
- Zom-pirenena;
- Fitantanam-pananana nofidin'ny mpivady na fifanaraham-panambadiana raha misy;
- Fanamarihana nataon'ny sefom-pokotany fa antsitrapo no naneken'izy ireo hivady ary voahaja ny fomba amam-panao.

Omena ny mpivady vao ny dika mitovin'ny fitanana an-tsoratra izay nosoniavin'izy ireo sy ny vavolombelona ary ny sefom-pokotany izay nanatrika ny fanambadiana ary dia manankery io fitanana an-tsoratra io.

Tsy maintsy aterin'ny sefom-pokotany any amin'ny mpiandraikitra ny soram-piankohonana ny dika mitovin'io fitanana an-tsoratra io ao anatin'ny 12andro.

Raha vao mandray ny dika mitovy ny fitanana an-tsoratra sy ireo antontan-taratasy miaraka aminy (sora-pahaterahana, fanamarinana mahapitovo) ny mpiandraikitra ny soram-piankohonana dia manao avy hatrany ny soram-panambadiana.

Rehefa vita ireo rehetra ireo dia mitovy lanja amin' ny fanambadiana natao teny amin'ny Firaisana ny fanambadiana ara-pomban-drazana.

Koa dia entanina ireo rehetra izay manao Tafika Masina eny ambanivohitra mba hanoro ireo namana tsy mbola mahafantatra ny fanamorana ny fisoratam-banambadiana ka samy hanao izany ary indrindra hitondra izany eo ambony Alitara hahazahoana ny tso-drano masina. Ny eto amin'ny Fitandreana 67Ha koa dia mikarakara ny Mariazy miara-mizotra

## FMBM

***08 Febroary : Alahadin'ny Sakaizan'ny BAIBOLY***




Ankalazaina isan-taona ao amin'ny Fiangonana Kristiana manerana an'i Madagasikara ny Alahadin' ny Baiboly. Ny Intermisionera tamin'ny taona 1932 no nanendry ny Alahady faharoan'ny volana Febroary ho fankalazana izany.

Hitondrana am-bavaka ny asan'ny Baiboly eto Madagasikara ary koa hanehoan'ny Fiangonana ny maha mpiara-miombona antoka azy amin'ny alalan'ny rakitra ho an'io Boky Masina io ny Alahady faharoa ny volana Febroary. Afaka mandray anjara amin'ny fanomezana amin'ny alalan'ny valopy efa natokana ho amin'izany ny sokajin'olona rehetra. Misy koa ireo olona manome vola isam-bolana ary miara-manao fotoam-bavaka eto Antananarivo, efa eo amin'ny 35 taona eo no niasany "NY BAIBOLY: TENY MANOVA, TENY TSY MIOVA"no lohahevitra voizina mandritra ity taona 2009 ity.

Misy rafitra mijoro eo amin'ny Fiangonana sy ny Kristiana any amin'ny Kaominina sy Distrika miara-mivavaka hanehoana ny fiaraha-miombona antoka amin'ny asa fampielezana ny Tenin'Andriamanitra. Anisan'ny andraikitry ny Komity najoro ny mampirisika ny Kristiana hirotsaka ho Sakaizan'ny Baiboly ho fanohizana ny asa.

Raha ny faritra roa, dia Melaky sy Sofia no noezahana nampielezana ny Soratra Masina tamin'ny roa taona lasa dia ny faritra manodidina ny Tandavanala Atsinanana sy Mikea (Atsimo Andrefana) no hotratrarina amin'ity taona 2009 ity. Izany ezaka izany atao mba hanatratrarana ny vinan'ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy hoe "Madagasikara henika ny fahalalana an'I Kristy amin'ny alalan'ny Soratra Masina." Mbola lavitra ny tanjona dia ny fampielezana eran'ny Nosy ny Tenin'Andriamanitra izay amidy araka ny fahefamividin'ny olona. Marihina fa Baiboly 76.558 amin' ny endrika maro samy hafa no novidin'olona ny taon-dasa teo iny. 6000 Ariary no vidiny ambany indrindra, izay natao tao amin'ny Trano Printy Loterana Malagasy. Koa ilaina ny fiaraha-mientan'ny Kristiana rehetra manerana ny Nosy amin'ny fandraisana anjara ho Sakaizan'ny Baiboly.

Marihina manokana fa noho ny Fankalazana ny Jobilin'ny Ray aman-dreny Pastora Dr Péri Rasolondraibe, mpitondra Fileovana eto amin'ny FLM 67 Ha dia nahemotra ny fankalazana ny Alahadin'ny Sakaizan'ny Baiboly eto amin'ny Fiangonan-tsika Toby Fanantenana FLM 67Ha.

Ankoatra izany, noho ny fahasarotan'ny asa fanatsarana ny Baiboly Dikanteny Protestanta dia heverina ho vita amin'ny taona 2011 ny fahavitany, raha novinavinaina hivoaka amin'ny ity taona ity 2009 ity tany amboalohany.

### NY TENIN'ANDRIAMANITRA MANAMBARA NY FAHARATSIAN'NY KOLIKOLY

Tsy mijanona amin'ny fikolokoloina ny ara-panahy ihany ny Fikambanana Mampiely Baiboly fa mihevitra ihany koa ny ara-piaraha-monina.

Rehefa avy niatrika ny ady amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny Fikambanana tamin'ny alalan'ny famokarana harona mety ho levona vetivety sy lo dia niroso koa hatramin'ny 09 Desambra lasa teo, andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny kolikoly fa handray anjara amin'ny ady fanetribe ny firenana io miaraka amin'ny « Birao Mahaleotena Iadiana amin'ny Kolikoly » na BIANCO. Ho fanamarihana izany dia nisy boky navoaka mitondra ny lohateny hoe « Andriamanitra sy ny Asa fivelomana », ary koa trakta manazava ny amin'ny Baiboly sy ny Ady amin'ny kolikoly. Hita ao ireo karazan-kolikoly voararan'ny lalàna laharana faha 2004-030 (09



septambra 2004) sy andinin-tSoratra Masina (DIEM) mifandraika amin'izany.

Toy izao ireo karazany vitsivitsy voararan'ny lalàna voalaza etsy ambony io:

- Manome kolikoly
(vakio koa ny Eks 23:06-08 , Asa. 06:08-15)
- Mangataka sy mandray kolikoly
(Deot.16.18-20, Isa. 01:21-23, 05:22-23, Isa. 33:15-16, Mika :03:05-06)
- Fakam-bola tsy ara-dalàna
(Asa. 05:01-11 Lioka 22:03-06 ) sy ny maro hafa...

Ny andinin-tSoratra Masina hita ao amin'ny Bokin'i Lioka izay ankalazaina amin'ity 2008 ity ny faha 180 taona nandikana azy ho Teny Malagasy dia milaza izao manaraka izao mikasika ny kolikoly: *Lioka 03:-10-14, 06:37-42, 17:11-19, 18:15-17, 19:01-10, 22:03-06*, ary ao amin'ny *23:01-05*.

Amporisihana isika rehetra mba hamaky ireo toko sy andininy ireo hanalaviran-tsika ny fakam-

**MIHINANA FINARITRA :** *ROMAZAVA FELIMIRONGO AMIN'NY PATSA*

**Zavatra ilaina :**

Patsabe: 2 toko
Felimirongo.
Tongolo gasy
Tongolo oignon
Siramamy: 1 sotro

Endasina amin'ny menaka ny patsabe. Asiana tongolo sy voatabia ary masahana ho ritra. Ampiana rano ary avela hiketrika mandritra ny 15mn; Rehefa hita fa akaiky ho masaka ny patsa dia arotsaka ny felimirongo voakarakara sy ny sira. Avela hangotraka vetivety dia arotsaka ny tongolo gasy efa voakiky, tsy atao masaka be ny felimirongo.

**NY FELIMIRONGO na ANANAMBO na MORINGA**

Zavamaniry tsy hita firy eto andrenivohitra kanefa mahazaka tsara ny toetr'andron'Antananarivo ny ananambo na felimirongo. Ireo mpamonjy ny Toby Ankaramalaza dia mahalala tsara ny moringa noho ny fidoroboky ny hazo any amin'iny faritra iny. Voakilasy ao anatin'ny "Aliments protecteurs" ny felimirongo noho ny fahitana otrik'aina maro ao anatiny. **Ny tombotsoa azo sy hita aminy:** - takatry ny fahefa-mividin'ny rehetra - mety ampiarahina amin'ny legioma hafa - ahitana tahana otrik'aina avo dia avo: *impiton'(7) ny vitamine C hita anaty voasary, *imbalon'(8) ny vitamine A hita anaty karaoty, *inefatra(4) noho ny calcium hita anaty ronono, *intelon'(3) n'ny potassium hita anaty akondro, *intelon'(3) ny vy(Fer) hita anaty épinards, *Be proteina noho ny atody, *Vitamine B, magnésium, cuivre, phosphore, acides aminés.

## TONONKALO

### KALVARY

Raha Kalvary e ! no tiako ambara
Indrisy, mahatahotra, maha-ngovitra
Ny misaina azy mahangoly, mahatorovana
Kalvary na Golgota, fanomboana ireo mpanota.

Toerana tsy mendrika e!, mampiorinkoditra
Teo ny Tompo no nomboan'ireo tsy mifaditrovana,
Nanaparany ny heriny dia ny herim-pahotana;
Kanefa hain'ny Tompo ny nitia, hamonjeny ny mania.

Tonga nisolo voina Ilay Mpamonjy nohomboana
Afaka ny olo-mino, mamiko ilay Kalvary tsy hadino,
Teo no nahaizako nitia Anao Tompo, babonao ny foko
Kalvary no tiako ho jerena, isan'andro tsy terena.

Pastora A.L.F

## FAHASALAMANA
### "NY FANABEZANA AIZANA"

Vanim-potoana ilana fiomanana sy fahavononana tsara ny fiterahana noho izy fanomezana aina. Miteraka adin-tsaina lalina izany raha tsy tomombana tsara. Ny hitandroana izany indrindra ny fomba fandrindrana fiainam-pianakaviana.



Ny fanabeazana aizana dia fanelanelanana ny fe-taona iterahana sy ny isan'ny zaza tiana hateraka mba hampirindra ny fiainam-pianakaviana.Voatsimbina kokoa ny fahasalaman' ny reny raha mielanelana 2 taona farafahakeliny ny fiterahana. Natao ho an'ny olondrehetra ny fanabeazana aizana ary ny ao amin'ny; Toeram-Pitsaboana Loterana Malagasy dia manodididna ny 15 hatramin'ny 50 taona ireo vehivavy manaraka izany fomba izany, karazana fomba maro azo isafidianana no misy fa dia anjaran'ny tsiraisay ny misafidy izay mety sy tandrify ny tena.

Tsara marihina fa tsy voatery hitovy ny fanabeazana aizana eo amin'ny olona roa na heverina ho mitovy ny toe-batana ka tsara ny manantona toeram-pitsaboana voatokana amin'izany.

Zakan'ny rehetra amin'ny ankapobeny ny fampiasana azy ireny hafa tsy ireo izay manana tsy fahasalamana manokana toy ny tosi-drà, na diabeta….

Hialàna amin'ny fisalasalan'ireo izay te-hampiasa ny fanabeazana aizana « vakana », dia tsy toy ny sampy akory izy io fa fanisana andro ihany.

Indreto misy karazana fanabeazana aizana fahita amin'ny ankapobeny: tsindrona, pilina atelina na asisika, kapoty, «spermicide», vakana, MAMA (manabe aizana ny mampinono anaka).
Ny ao amin'ny TPLA 67 Ha dia misy ireo reny manaraka fanabeazana aizana efa ho 20 taona izao.

## NY KILALAONTSIKA : *Diso fito N° 008*

